


NY FAMETRAHANA NY DIAKONA

 Ary, izany dia, fa ny voalohany dia ny fametrahana diakona vitsivitsy ao amin'ny fiangonana. Ary ny fiangonana kelintsika eto dia masi-mandidy. Tsy mila anaram-piangonana iray na zavatra iray handefa ny diakony izy, izy no mifidy ny diakony manokana. Izy no mifidy ny pasiterany, izy no mifidy an'ireo mpitantan-draharahany, izy no mifidy ny zavatra rehetra izay miditra sy mivoaka ao amin'ny fiangonana. Tsy misy olona iray manana fanapahana eo amin'ny zavatra iray, izany dia ny fiangonana. Ary ny fiangonana dia ireo izay tonga sy manohana ny fiangonana amin'ny fanatrehany, amin'ireo fahafolon-karenany sy ny rakiny, ary hany tokana izay manana fanapahana ara-dalàna amin'ny fametrahana an'izany.

² Ary tiako ny hisaotra ny komitin'ny diakona teo aloha, ary milaza an'izany avy eto ho an'ny fiangonana rehetra aho. Raha eto ny sasany amin'ireo rahalahy ireo, izany dia Rahalahy Cox, Rahalahy Fleeman, sy Rahalahy Higginbotham ary Rahalahy Deitzman, nanome antsika asa tsara iray izy ireo, nanome ho an'ny Tompo, tato amin'ity tabernakla ity.

³ Ary matetika, araka ny fitsipiky ny fiangonana, isantaona, no manapitra ho azy ny fotoany ireo diakona sy mpitantan-draharaha. Ary raha te-hiverina izy ireo, dia mety tsara. Raha tsy te-hiverina izy ireo, amin'izay fotoana izay dia afaka mametraka sasany ho eo amin'ny toerany izy ireo, hoe nametra-pialana io komity io.

⁴ Ary indray hariva dia niantso ny komitin'ny mpitantan-draharaha aho, fa misy komitin'ny mpitantan-draharaha vaovao iray. Nahamarika an-dRahalahy Luther McDowell aho eto izao hariva izao, faly isika mahita azy, izay komitin'ny mpitantan-draharaha fahiny. Nandeha aho tamin'ity herinandro ity mba hahita sy hanamarina mba hampanaovana dika mitovy iray, izay haseho amin'ny fiangonana, ihany koa. Hoe ireo mpitantan-draharahan'ny fiangonana ankehitriny dia Rahalahy William Morgan, Rahalahy Mike Egan, sy Rahalahy Banks Wood, ary Rahalahy Roy Roberson. Ary avy eto amin'ity tanàna ity izy rehetra, afa-tsy Rahalahy Roberson izay mipetraka eo anelanelan'ireo tanàna roa. Ny Tompo no nahita fa mendrika ireo lehilahy ireo, ary lehilahy efa tsara laza izy ireo, ary mandray ny andraikitra ho mpitantan-draharahan'ny fiangonana izy ireo ankehitriny.

⁵ Ary raha mbola nandeha io fivoriana io, ka nilaza ny pasitera mpanampy fa isika, mba hifidianana komitin'ny diakona vaovao, hoe efa nahatapitra ny fotoany ireto ary—ary nametra-pialana, noho izany dia tsy maintsy hifantina diakona

vitsivitsy amboniny izao. Ankehitriny, ny fiangonana...Ny fomba nanaovana azy ity, dia, afaka manendry diakona ny komity, lehilahy izay nifaneraseran'izy ireo ka hita fa lehilahy tsara laza sy marina.

6 Ny asan'ny diakona iray dia asa tena lehibe, ary haja lehibe ho an'ny Tompo ny ho diakona iray ao amin'ny fiangonana. Ary noho izany, tao amin'ny fivoriana indray hariva, dia nisy lehilahy vitsivitsy notononina tamiko. Ary nandritry ny fivoriana niaraka tamin'ny pasitera, ny manaraka... tamin'io Zoma lasa io, dia neken'io lehilahy io fa lehilahy efa tsara laza sy marina izy ireo.

7 Ny lehilahy tanora anankiray izay hitan'izy ireo, dia tena tsy mety loatra (tsy hoe satria tsy ilay karazana lehilahy tsara izy), anankiray izay natolotry ny iray amin'ireo lehilahy tsara laza amin'ny komitin'ny mpitantan-draharahantsika. Fa rehefa nihaona izaho sy ny pasitera, ka nanontany ny taonan'ilay lehilahy tanora aho, dia saiky ao amin'ny faha-roapolo taonany izy. Tsara laza, marina, ary tena lehilahy iray, saingy hita fa lehilahy iray mpitovo izy. Ny Baiboly dia mitaky mba ho lehilahy iray manambady ny diakona iray. Tsy maintsy vadin'ny vehivavy tokana izy.

8 Ary avy eo dia nisy lehilahy hafa iray izay lehilahy iray tena tsara laza, tena mety ho an'ilay asa ary efa lehilahy iray mahatoky, araka ny nanoloran'ny rahalahy iray azy. Avy eo rehefa avy nanadihady ny zava-misy, hoe ilay rahalahy dia vao haingana no tonga ao amin'izao Finoana izao, ny vadiny dia tsy mino an'Izany. Koa izany no tsy nahamety an'ilay lehilahy ho amin'ilay asa. Satria tsy maintsy manao ny fianakaviany rehetra ho amin'ny fanekena izy, tsy maintsy ao amin'ilay Finoana ihany koa izy ireo, satria ho fifanoherana iray izany.

9 Ary eo am-panorenana isika ankehitriny, ary maniry ny hametraka an'ity fiangonana ity. Ary amin'ny mahanampanaramaso ambonin'ny fiangonana, dia tsy maintsy mijery aho fa ilay izy dia mihazona, ara-tSoratra, ny zavatra rehetra dia eo amin'ny Teny mihitsy.

10 Ary noho izany, avy eo, dia hitan'ny komity sy ny pasitera fa tsara, ary ny mpanaramaso, ny mifantina ao amin'ity vondron'olona eto ity ny lehilahy vitsivitsy izay heverintsika fa lehilahy tsara laza sy marina. Afaka mitondra azy ireo fotsiny izahay. Ary izany dia, avy eo, dia ny fiangonana no mandany azy ireo, amin'ny alàlan'ny latsabatony manokana. Ary amin'izay fotoana izay vao hiasa ireo lehilahy ireo, raha mahatsapa izy ireo fa hanaiky an'io asa io. Avy eo dia ho avy izy ireo mandritry ny fotoana fohy, mba hahita raha tsapan'izy ireo fa Andriamanitra angamba no niantso azy ireo. Ary raha any aoriana, raha tsapan'izy ireo fa tsy mety izy ireo, amin'izay fotoana izay, dia manana zò izy ireo ao anatin'ny herinandro

vitsy manaraka ny hiala amin'ilay asa, mba ahafahan'ny olona iray hafa ho voatendry ao amin'ny toeran'izy ireo.

¹¹ Na izany aza, amin'ny fiandohan'ny fifohazana izay (raha sitrak'Andriamanitra) tiako hatao eto amin'ity tabernakla ity vantany vao mahazo fialan-tsasatra iray aho, amin'izay fotoana izay aho—amin'izay fotoana izay aho...hanokana an'ireto diakona ireto izahay amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana, ireo diakona sy mpitahiry vola ato amin'ity fiangonana ity. Fa tsy maintsy voatendry aloha izy ireo ary—ary jerena raha mety amin'izy ireo ilay izy ary raha mety amin'ny fiangonana ilay izy. Avy eo ilay izy raha—avy eo ilay izy raha mety tsara amin'ny andaniny roa, amin'izay fotoana izay dia manokana an'ireto lehilahy ireto ho diakona isika, mitovy mihitsy tahaka ny nifidianantsika an'ireo Mpitantan-draharaha.

¹² Izany no fahamasi-mandidy sy lalàn'ny fiangonana, araka ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany, izany, tsy afaka hilaza mihitsy izy ireo hoe “Izaho no mihevitra fa ity lehilahy no ho lehilahy mety,” tsy izany ilay izy, “Rahalahy Neville no mihevitra fa ity lehilahy ity no ho lehilahy mety,” na “ny komitin'ny mpitantan-draharaha no mihevitra fa ity lehilahy ity no ho lehilahy mety.” Tsy maintsy amin'ny alàlan'ny fiangonana ilay izy! Tsy misy olona iray manao zavatra amin'ny alàlan'ny tenany eto. Latsabaton'ny fiangonana ilay izy. Fiangonana iray masi-mandidy izy.

¹³ Potiky ny tondra-drano tamin'ny 1937 ilay tahirim-pitsipika tranainy. Efa nanaovanay dika mitovy izy ireo, ary hihantona eto amin'ny rindrina eto tsy ho ela, ireo andraikitry ny mpitantan-draharaha, diakona, mpitahiry vola, sy ny sisa, pasitera, ireo mpanampy, sy ny sisa.

¹⁴ Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, nolazaina tamiko ilay izy, fa tamin'ny alàlan'ny latsabato zato isan-jaton'ny komitin'ity fiangonana ity, no nahitan'izy ireo an-dRahalahy Hollin Hickerson ho lehilahy marina, tsara laza, ary mety ao amin'io toerana io mba handray ny—ny haja lehibe ho diakon'ity voalaza ho tabernakla ity.

¹⁵ Izao koa, hitanay, ary tamin'ny alàlan'ny latsabaton'ny komity, fa Rahalahy Collins ihany koa dia hita ho lehilahy iray tsara laza sy marina. Satria mpitoriteny iray, ny tenany, noho izany dia nangataka azy izahay mba ho tonga ka ho—ho diakona iray an'ny fiangonana; ary tsy diakona fotsiny ihany, fa mpanampy iray an-dRahalahy Neville, ary angamba ho an'ny kilasy iray an'ny sekoly Alahady, na haka ny toeran-dRahalahy Neville, na inona na inona iantsoana azy mba ho mpanampy iray an-dRahalahy Neville. Rahalahy Collins izany.

¹⁶ Ary, izao koa, ny fiangonana dia nahita, tamin'ny fankasitrahana, fa Rahalahy Tony Zabel, lehilahy iray tsara laza sy marina, ary efa nankasitrahana teo anatrehan'ny komitin'ny

mpitantan-draharaha sy ireo pasitera izy, mangataka azy mba handray ny asan'ny diakona ato amin'ity voalaza ho tabernakla ity.

¹⁷ Ary nangatahana ihany koa, ary hita fa lehilahy iray tsara laza eto anivontsika . . . (Tsy . . . tsy ireto irery ihany no lehilahy tsara laza, ankehitriny, fa nofantenan'ny komity fotsiny.) Rahalahy Taylor avy any Henryville, na Memphis, mino aho fa izay ilay izy, Memphis, Indiana. Efa niaraka tamintsika nandritry ny fotoana vitsivitsy izy, niasa toy ny mpampiditra olona sy izay rehetra mety nisy. Nahita fitia tamin'ny fiangonana izy, na ny komity sy ireo pasitera, mba hanekeny an'ilay—ilay asa lehibe ho diakon'ity voalaza ho tabernakla ity.

¹⁸ Ary nangatahana ihany koa ny vinantolahin-dRahalahy Mike Egan, Rahalahy—Rahalahy Bob Harned, nofantenan'ny komity sy ny pasitera, mba hanaiky ny asa amin'ny mahampitahiry volan'ity voalaza ho tabernakla ity, izay asa iray mendri-kaja, ka mitaky fahamarinana sy haja izany.

¹⁹ Amin'ny fanaovana an'izao, heveriko, ry rahalahiko, izao fiantsoana avy eto izao, fa ho haja iray lehibe ho anareo izao. Ary tsy izany ihany, fa zavatra iray izay hatao.

²⁰ Amin'izao fotoana izao dia hangataka an-dRahalahy Neville aho, ny mpanampy anay, mba hamaky an'ireo fitakiana mikasika ny diakona. Rahalahy Neville, raha hamaky an'izany avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ianao. [Mamaky ny Timoty Voalohany 3:8-13 Rahalahy Neville—Mpand.]

Toy izany koa ny diakona dia tsy maintsy ho maotina, tsy miroa teny, tsy tia divay be sy tsy tia harena maloto;

Mitandrina tsara ny zava-miafina ny amin'ny finoana amin'ny fieritretana madio.

Ary aoka hizahan-toetra ireo aloha; avy eo vao hanao ny asan'ny diakona izy ireo, raha hita fa tsy manantsiny.

Toy izany koa ny vehivavy dia tsy maintsy maotina, tsy mpanendrikendrika, mahonon-tena, mahatoky amin'ny zavatra rehetra.

Aoka ny diakona ho vadin'ny vehivavy tokana, manapaka tsara ny zanany sy ny ankohonany manokana.

Fa ireo izay mahavatra tsara ny asan'ny diakona dia mahazo toerana tsara ho an'ny tenany, sy fahasahiana be amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy.

²¹ Amena. Hangataka an'ireo rahalahy izay voaantso aho amin'izao fotoana izao, raha handroso fotsiny eto amin'ny lampihazo vetivety izy ireo. Ary raha manondrika ny lohantsika vetivety isika ho an'ny vavaka, tiako izy ireo . . . Ary fantatry ny

fiangonana hoe inona izao, hoe izao no fifidianana ny komitin'ny diakonareo sy ny mpitahiry volanareo.

22 Tompo Jesosy, miaraka amin'ny fisainana matotra, masina no anatonanay Anao ankehitriny. Manatona amin'ny fanajana Ny Teninao Masina Indrindra izahay, tonga izahay mino fa “Aoka ny tenin’olona ho diso, fa ny an’Andriamanitra ho marina.” Ary mankasitraka Anao izahay ny amin’ity Fiangonana izay novidian’i Jesosy tamin’Ny Ràny Manokana sarobidy ity, ka nanome anay an’ity tranobe ity mba hanompoana.

23 Ary amin'ny maha-mpanaramaso an’ity andian’ondry lehibe ity, izay notendren’ny Fanahy Masina mba hisy, dia miezaka izahay ankehitriny ny hanolotra ho an’ity fiangonana ity ny mahatoky iray, andian-dehilahy marina izay inoanay fa feno ny Fanahy ka vonona ho an’ny asa. Araka ny voalaza indray mandeha mikasika ny komitin’ny diakona hoe, “Mandehana mitady ho anareo eo anivonareo, lehilahy tsara laza miaraka amin’ny Fanahy Masina, mba ahafahan’izy ireo miasa amin’izany fomba izany, mba hiahy an’ireo mpitondratena sy kamboty, mizara vola, sy hitandrina ny fanasoavana ny fiangonana.” Taona maro aty aoriana, vao avy namaky ny soratr’io Paoly malaza, voatsindrimandry, masina io izahay, izay manonona ny fanambaran’ny Soratra ny amin’ireo fitakiana ho an’ireo toerana ireo.

24 Andriamanitra, omeo haja ireto lehilahy ireto. Ary ankehitriny dia izao no safidy, Tompo, amin’ny maha-fiangonana masi-mandidy iray, amin’ny maha-vatan’ny Tompo Jesosy, hoe izy ireo no manao ny fifidianana. Ary [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . ary hitarika an’ity ampaham-potoana ity ao amin’ny fomba manokana, amin’ily Anarana marina sy masin’i Jesosy.

25 Ankehitriny miaraka amin’ny lohantsika miondrika, tsy ny lohantsika ihany fa ny fontsika, ary satria ny mambra rehetra an’ity fiangonana ity, izay tonga eto ara-dalàna sy manohana azy amin’ny fahafolon-karenanareo sy ny rakitra, no raisina ho mambran’ity fiangonana ity, raha mbola izaho sy ny pasitera, irery, no mijery, ny pasitera mpanampy, Rahalahy Neville, sy izaho no mijery, dia hanontany aho raha hitan’ity fiangonana ity fa lehilahy marina iray sy azo fidiana Rahalahy Taylor, amin’ny tsara indrindra amin’ny fisainanareo, ho diakona eo amin’ity andian’olona ity? Hampahafantatra an’izany amin’ny fananganana ny tânanareo ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Eny àry. Ankehitriny raha misy manohitra, dia hanangana ny tânanareo ve ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Misaotra anareo.

26 Mahita ve ny iray amin’ireto mambran’ity fiangonana eto ity . . . sy ny rehetra, mahita an-dRahalahy Hollin Hickerson ho lehilahy marina sy tsara laza ve ianareo, ary lehilahy iray izay

hita eo imasonareo fa mendrika ny ho lasa diakon'ity voalaza ho fiangonana ity? Hampahafantatra amin'ny fananganana ny tãnanareo ankavanana ve ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Raha misy manohitra, dia atsangano ny tãnanareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.]

²⁷ Mahita an-dRahalahy Collins tahaka an'izany koa ve ianareo, lehilahy iray marina sy tsara laza, ary mendrika ny asa ho diakon'ity fiangonana ity? Hanangana ny tãnanareo ve ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Eny àry. Manohitra, hanangana ny tãnanareo ve ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.]

²⁸ Mahita an-dRahalahy Tony Zabel ho lehilahy iray tsara laza sy mendrika an'izany asa izany ve ity fiangonana ity, ho diakona ao amin'ity andian'ondry ato amin'ity voalaza ho fiangonana ity? Hanangana ny tãnanareo ve ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Manohitra, hanangana ny tãnanareo ve ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.]

²⁹ Mahatsapa ve ity fiangonana ity fa lehilahy marina sy mahitsy Rahalahy Harned, izay efa niaraka tamintsika fotoana vitsivitsy, mba ho mpitahiry vola, mpitan-tsoratra mpitahiry vola an'ity fiangonana ity, hiandraikitra ny ara-bolany sy handoa ny faktiorany? Raha eny, dia atsangano ny tãnanareo ankavanana. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Raha misy manohitra, dia atsangano ny tãnanareo ankavanana. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.]

³⁰ Maniry aho ny hilaza amin'ireo—ireo rahalahy izay mitsangana amin'ity fotoana ankehitriny ity, eo an-tongotr'ity hazo fijaliana ity, fa ity fiangonana ity, miaraka amin'ny zato isan-jato (tsy misy fanoherana mihitsy), dia mahita anareo rehetra ho mendrika eo imason'Andriamanitra ho an'izao asa izay niantsoan'Andriamanitra anareo izao.

³¹ Ankehitriny, ianareo, araka ny voalaza hoe, “Aoka hizahan-toetra izy ireo aloha, ka ho hita raha maniry an'izao asa izao izy ireo.” Afaka herinandro vitsy, raha sitrak'Andriamanitra, dia hiverina aho hametra-tànana eo amin'ity vondron-dehilahy ity, mba hanao azy ireo ho ofisialy mpita-...na diakon'ity fiangonana ity, sy mpitahiry vola.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety:

³² Tompo, faly izahay izao hariva izao fa mbola misy lehilahy velona eto ambonin'ny tany izay afaka mandeha ampahamasinana eo anatrehan'izao tontolo izao; tena masina hany ka ny tabernakla, miaraka amin'ny fitsipika hentitra tahaka ny ananan'ity anankiray ity, dia afaka nandatsabato ho an'ny lehilahy dimy ho ao amin'ny toerana ho mpitarika azy ireo, tsy nisy latsabato anankiray nanohitra. Faly izahay ny amin'izy ireo, ary tsapanay fa Ianao no niaraka taminay tamin'ny fandraisana an'ireo fanapahan-kevitra ireo, ny komity sy izahay pasitera.

³³ Andriamanitra, tahio ireto lehilahy ireto. Ary enga anie izy ireo hanao an'izao asa izao amin'ny fony rehetra, mahafantatra fa izao dia fahazoana ambaratonga lehibe iray ho azy ireo any An-danitra. Indray andro any rehefa hikadona ireo Bokin'ny Lanitra, dia enga anie hisokatra ilay Bokin'ireo vantandanitra ka ao amin'ilay Bokin'ny Lanitra lehibe, dia enga anie ho ao zato isan-jato ny anaran'izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra sy ny Mpamonjy ary ny miaramilan'ny Lanitra rehetra, mba ho tahaka an'izany koa ao amin'Ny Fanjakany. Tahio izy ireo, Tompo, ary enga anie izy ireo hanatanteraka tsara an'izao asa izao. Amin'ny Anaran'i Jesosy no isaoranay Anao nohon'ny amin'izy ireo. Amena.

³⁴ Te-handray tånana anareo fotsiny aho, [Mandray ny tånan'izy ireo Rahalahy Branham—Mpand.] Rahalahy Harned, sy Rahalahy Zabel, sy Rahalahy Collins, Rahalahy Hickerson, ary Rahalahy Taylor. Tena faly aho ny mahafantatra fa niombona foana tamin'ny lehilahy tsara laza tahaka an'izao izahay nandrit'ity fotoana rehetra ity. Andriamanitra hitahy anareo ankehitriny. Ary hahita anareo avy hatrany izahay, vantany vao mahazo fialan-tsasatra kely aho, mba hiverina, ary hahita hoe toy ny ahoana no itiavanareo ny asanareo. Eny àry, tamin'ny latsabaton'izy ireo, dia heveriko fa zato isan-jato ilay izy, tsy nisy fanoherana mihitsy.

³⁵ Oh, tsy faly ve ianareo fa mikambana amin'ny olona izay afaka miaina eo anatrehan'Andriamanitra androany, ampahamasinana, ary miaina eo anatrehan'ity izao tontolo izao ankehitriny ity ao amin'izao toerana izao? Zavatra iray mahafinaritra izany.

³⁶ Ary tena faly aho ny mahafantatra izao hariva izao fa manana tombontsoa amin'ny—amin'ny fananana an'ireto lehilahy ireto sy ity fiangonana ity ho sakaizako. Tena faly aho fa Andriamanitra no namela ahy hanakambana ny tenako amin'Ny Fiangonany manerana an'izao tontolo izao. Oh, amavoina sy lavina ary resahina izy ireo, ary araka ny nolazaiko aninkeo maraina tao amin'ny hafatro, angamba mpihosim-potaka fotsiny, araka ny fomba ijeren'izao tontolo izao azy ireo, toy ny “andiana fanatika,” saingy Andriamanitra dia mijery azy ireo toy ny Zanany. Tena faly aho ny amin'izany. Mety tsy afaka hiteny aminareo izy ireo hoe firy mailly no misy hatrany amin'ny volana. Mety tsy afaka hiteny aminareo izy ireo ny amin'ny fihodinan'ny masoandro rehetra sy hoe ahoana no iasany. Saingy misy zavatra anankiray izay tena fantatr'izy ireo, fantatr'izy ireo ny ora izay nahaterahan'izy ireo indray. Tena faly aho ny amin'izy ireo.

³⁷ Ary araka ny fanoharana kely iray izay nianarako, ary hanakambana an'izany amin'ireo zanakovavy kely roa aho izao hariva izao mba hanao azy hazava amintsika, mba hanao azy ho tena misy amintsika, mba hahazoanareo ny dikany. Indray

maraina, nitsangana avy teo am-pandriana aho... Manana zanakavavy kely roa aho. Ny iray amin'izy ireo dia Rebekah, ary ny iray amin'izy ireo dia Sarah, ary zanakavavy kelin'i dada izy ireo.

³⁸ Ary manana zanakalahy kely iray aho, Joseph. Tonga avy tany Chattanooga aho, avy tamin'ny fivoriana iray indray hariva, raha mbola tany aho tao amin'io asam-pitoriana farany io. Ary izaho dia tao anatin'ny—ny fiara, nandeha niaraka tamin'ny zanako lahimatoa, Billy. Tao anatin'ny fiara ny vadiny sy Meda, ary ireo zazavavy. Ary raha nandeha foana izahay, dia tsy nisy olona niteny na inona na inona nandritry ny andian-tanàna maromaro. Ary tena nandrantsana mafy mihitsy ny olona aho tamin'io hariva io mikasika ny fomba ataon'izy ireo. Ary tsy nisy olona niteny na inona na inona. Dia nanatona i Joseph kely ka nandramby ahy teo amin'ny soroka, hoy izy hoe, “Dada, azo antoka fa tena nitry teny ianao androany hariva!”

³⁹ Ary tamin'io maraina io, raha niainga aho ka nandeha tamin'ny Eighth sy Tenth Street, ny... na Penn sy Tenth, raha ny marina, tsy nisy olona niteny zavatra iray, ny vadiko sy ireo zazavavy roa. Dia nihazona ny soroko indray i Joseph kely, hoy izy hoe, “Dada, fa, azoko antoka fa tiako ilay toriteny aninkeo maraina,” hoy izy.

Hoy aho hoe, “Eny, manana mpankafy iray aho, ny zanakolahy izany.”

⁴⁰ Ary ho an'ilay resaka kelintsika. Nitsangana aho ny maraina, nipetraka tao amin'ny efitra, tonga nihazakazaka i Becky kely ary, atao hoe, nisabaka teo amin'ny ranjoko izy ary nametraka ny sandriny nanodidina ahy, ary zanakavavy kelin'i dada izy. Dia namihina ahy izy. Dia nitsambikina avy teny am-pandriana i Sarah kely niaraka tamin'ny akanjomandriny kely ka, atao hoe, tonga nihazakazaka nanaraka. Izy no anankiray manana maso kely volontany.

⁴¹ Hoy i Becky kely hoe, “Oh, Sarah, tsy ilaina ny fahatongavanao, satria efa lasako irery ny amin'i Dada rehetra. Ahy manontolo i Dada!” Ary i Sarah kely, nipotsaka ny molony, nanganohano ny maso keliny volontany. Nanao fihetsika tahaka an'izao aho ary nosokafako ilay lohalika hafa, dia nanatona izy ka nosabakainy izany.

⁴² Becky dia manana ranjo lava, noho izany dia nahatakatra ny gorodona izy ireo. Nihilangilana i Sarah kely, noho izany dia napetrako nanodidina an'i Sarah ny sandriko roa. Nijery an'i Becky i Sarah kely ka nanao hoe, “Becky, mety nahazo ny amin'i Dada rehetra ianao, fa Dada kosa nahazo ny amiko rehetra!”

⁴³ Ary heveriko fa tahaka an'izany ilay izy eto. Mety tsy mahafantatra ny teolojia rehetra isika sy ny teny Grika malaza rehetra, mety tsy mahafantatra ity vondron'olona ity. Saingy

misy zavatra iray azo antoka, mino aho fa Jesosy no nahazo ny *amintsika* rehetra. Amena.

Eny àry, Rahalahy Neville.



NY FAMETRAHANA NY DIAKONA MAG58-0720E

(The Placing of Deacons)

ANDIAN'NY FITONDRANA, LAMINA ARY FOTO-PAMPIANARAN'NY FIANGONANA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 20 Jolay, 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org